


ALAHADY faha-5 KAREMY - TAONA D2025



« Izay tsy manam-pahotana aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany »

Ry Kristianina havana, tena efa akaiky tokoa ny fankalazantsika ny Paka, Alahady roa sisa dia mankalaza ny Paka isika ary amin'ny Alahady hoavy dia hankalaza ny sampankazo izay mampiditra antsika amin'ny herinandro lehibe, ny Herinandro masina. Izao Alahady izao amin'ny toerana maro dia alahady fanaovana pelerinajy izay handinhantsika ny lakroan'i

Kristy, miombona amin'I Jesoa amin'ny lalan'ny hazofijaliana lehibe. Miakatra eny amin'ny "La montagne" isika manao pelerinajy, entintsika hiakatra ny fiainantsika fa tsy hirefarefa amin'ny tany izay feno lainga, risoriso sy fitapitaka ary herisetra.

Ny tantaran'ilay vehivavy tratra nijanganjanga dia tantarantsika tsiraikiraiky, tantataran'ny fianakaviana, tantaran'ny Eglisy, tantaran'izao tontolo izao. Mila an'I Jesoa isika satria izany rehetra lazaintsika izany no nahafaty an'i Jesoa teo ambony hazofijaliana noho ny hetraketratsika olombelona, izay no nanolorany ny tenany hamonjena antsika. Mbola manjaka anefa izany ankehitriny, raha mijery ny zava-misy dia toa fiaianana biby ny fiainantsika olombelona indraindray, rentsika etsy sy eroa fa herisetra maro isan-karazany, vono olona, fiaianana mamoafady no manjaka. Mila fihavaozana tokoa isika.

MILA FO IZAO TONTOLO IZAO KA NANORATRA ANSIKILIKI MANOKANA MIKASIKI NY FO

Vakiteny I : Iz. 43, 16-21

Tononkira : Sal. 125

Vakiteny II : Fil. 3, 8-14

Evanjely : Jo. 8, 1-11

MASIN'I JESOA NY PAPA FRANCOIS "DILEXIT NOS" (IZY NO TANTSINKA)... MILA FO I MADAGASKARA MBA HIOVA IZAO ZAVA-MISY IAINANTSINKA IZAO... TENA KRIZY MAFY ARY MARO LAFY NO MANJO ANTSINKA... IZANY NO NAHATONGA NY FIOMBONAM-BEN'NY EVEKA HANOKANA AN'I MADAGASKARA AMIN'NY FO MASIN'I JESOA... Tsy ilay taova no resahinao eto fa ny fo maha-izy azy ny olona ka mahatonga ny teny sitra-po. Ka mila fo feno fitiavana mamafy fifamelan-keloka sy famindram-po izao andronantsika izao andresena ny ratsy izay manapotika ny fifandraisana na amin'ny zava-boary na amin'ni fiaraha-monina na amin'Andriamanitra.... Tsara koa ny manipika fa ny Fo Masin'I Jesoa dia Fo Manasitrana ny ratra rehetra fa indrindra ny ratran'ny fitsitokotokoana sy fizazarana.... Hanasitrana ny ratran'ny fihavanana rava, fa Fo Mpampihavana ny Fo Masin'I Jesoa...Fo mamafy ny marina andresena ny ratsy... Andao ho raisintsika ny vavak'I Papa amin'izao mars izao : "mba hahita fanasitranana ny ratrany ao anatin'ny famelan-keloka anie ny fianakaviana misara-bazana, amin'ny fahitana indray ny HASAROBIDIN'NY HAFA na dia anatin'ny fahasamihafana aza..."

Mamakivaky izao karemy izao isika mibanjina ny tenin'Andriamanitra manoro antsika ny lalan-kombana mba hahatonga antsika hibebaka hiala amin'ny fiainana mirefarefa amin'ny tany hiakatra ambonimbony kokoa. Ny pelerinajy any amin'ny "La montagne" no hanampy antsika hiakatra amin'Andriamanitra, ka ao anatin'ny fiakarantsika izany no iantsoana antsika hanavao ny fiainana ho tonga Eglisy Olona Velona hivelona ny finoany marina fa tsy finoana entim-pahazarana. Izany finoana izany no ambarantsika amin'ny fomba manetriketrika amin'ny Sabotsin'ny Paka.

Tsy hoe nofinofy, tsy hoe Andriamanitra lavitra fa eo anivon'ny fiaintantsika ny Andriamanitsika. Raha miara-maty amin'i Kristy amin'ny ratsy rehetra isika : ny lainga, ny fitapitaka dia miara-mitsangana Aminy hahatonga antsika ho taranaka mpanorina, EOV ka manorina Eglisy Tranon'Andriamanitra. Hampivelatra antsika izany ka hanatsara ny tontolom-piaianana izay ifandraisantsika samy isika ao anatin'ny rariny sy ny hitsiny, ao anatin'ny fihavanana sady kristianina no malagasy hikatsahana ny soa iombonana ka hahatonga fampandrosoana ny olombelona manodidina antsika sy hahatonga antsika hanana tontolom-pinoana ahafahantsika midera sy mankalaza an'Andriamanitra ary mivelona ny finoana sy ny fiainana andavanandro.

Ny hananantsika fiaianam-baovao, izany no foto-pampianarana tian'ny Eglisy antintranterina amintsika amin'izao Alahady faha-5 amin'ny karemy izao. Voalaza ao amin'ny vakiteny voalohany "*Aza mahatsiaro ny zavatra lasa intsony, ary aza mihevitra ny zavatra taloha intsony! Fa indro Aho hanao zava-mahagaga vaovao; efa hiposaka izy izao, tsy hahalala izany va ianareo?*". Aoka ny lasa ho an'ny lasa fa manomboka amin'izao mba ho zava-baovao tokoa ny fiaintantsika, ho zava-boaary vaovao. Izany no andrandraintsika amin'izao Paka izao mampiditra antsika amin'izao fankalazana ny taon-jobilin'ny famonjena antsika tohin'ny fankalazana ny kongresy Eokaristika. Mino aho fa mbola tadiintantsika tsara ny teny faneva tamin'ny KEN 2024: Fihavanana manasitrana an'izao tontolo satria mpiray tampo isika...

Tanteraka izany ao amin'ny EokaristiaMampiombona antsika tokoa amin'i Jesoa ny eokaristia, ny tany karakaina dia lasa tany ionaka sy feno rano ary velona, manampy antsika hivelatra tokoa ny eokaristia. Izany no antenantsika amin'izao fotoana efa akaiky ny Pakazao. Md Paoly mizara amintsika ny traikefany ao amin'ny vakiteny faharoa androany raha nandray an'I Jesoa nandresy ny fahafatesana izy. Izany koa no andrandraintsika amin'izao fanaovantsika ny pelerinajy izao, mba hanao expérience amin'I Jesoa, izy izay nandresy ny ratsy ka mitondra antsika amin'ny fiainam-baovao, izany no mahatonga an'i Md Paoly mizara amintsika ny expérience nahatonga azy nahasahy niteny "*rehefa nahazo an'I Kristy aho dia nataoko fakofako izao rehetra izao*" ny tiany hambara tsy hoe namono tena izy na nanjary tsy nivelonanahatonga ny olona rehetra, sanatria izany, nivelonanahatonga ny olona izy fa ny fivelomany an'izany rehetra izany dia ao amin'i Kristy, amin'ny alalany ary miaraka aminy, miaraka amin'i Kristy izy, i Kristy nanjary harena ho azy fa tsy ny fitiavan-tena, tsy ny fitapitaka, tsy ny lainga, fa i Kristy no nataony harena. I Kristy harena io no zaráiny amin'olona ka nahatonga ny hoe izay manapotika ny harena dia natao fakofako, ka nahatonga azy ho taranaka mpanorina. Izany no lálana ho antsika raha tantsika ny hanorina tontolom-piaínana vaovao miaraka amin'i Kristy. Aoka ho i Kristy no ataontsika ivon'ny fiaínantsika sy ny harena amin'ny fiaínantsika, amin'ny alalany sy miaraka aminy ary ao aminy no ijereny ny manodidina rehetra. I Kristy no référence tsara indrindra. Izany ny antony anaovantsika izao Sinaody faha-7 izao fa indrindra ny fijanonana.

Hirafitra ao amin'I Kristy tokoa anie isika. Milaza koa i Md Paoly " tsy hoe efa anjely aho na hoe efa lavorary aho fa miezaka aho mba hahatratra izay nahatratrarin'I Jesoa Kristy ahy. Ho antsika koa ry Kristianina havana amin'izao fiomanana ny Paka izao, tsy hoe lasa anjely isika, tsy hoe ny fahalavorariana, tsy ho tratrantsika fa aoka isika hiezaka hihalavorary mandrakariva, hiala tsikelikely ny ratsy ao amintsika, hiezaka isika. Rehefa kivy isika na miezaka aza tsy miova dia lasa ratsy koa isika, ny ezaka ataontsika ampian'ny fahasooavan'Andriamanitra, izany no mahatonga hoe tsy isika fa ny fahasooavan'Andriamanitra miaraka amintsika. Tsy miasa ny fahasovan'Andriamanitra raha tsy miaraka amintsika. Raha fintinina dia ireo no lazain'ny Papa tamin'ny hafatra amin'ny karemy 2025, taon-jobily dia voalohany dia tahaka ireo Vahoakan'Israely mpivahiny tany an'efitra isika.... Fantatsika ny dikan'ny hoe tany efitra... Tany ngazana toerana feno problema izany hoe manambara ny fiainantsika amin'izao fotoana izao... Miatrika krzy mafy ary maro lafy isika. Tsy irery isika fa miara-dia, miara-mizotra anatin'ny fanantenana ka mahatsapa ny antso miantefa amin'ny tsirairay sy ny olo jiaby hiroso amin'ny fibebahana mandray ny famindrampon'Andriamanitra. Tsy irery isika amin'ny dia fa miaraka amintsika I Masina Maria Reny sy ireo Olomasina havantsika. Ny ahafantarana fa ny mibebaka tokoa isika raha mamafy hafaliana sy fiadanana ary fihavanana isika. Izany no Paka Fihavaozana andrandraintsika.

Tian'i Jesoa ampianarina antsika ao amin'ny evanjely mikasika ny tantaran'ilay vehivavy mijangajanga fa samy ao anatin'ny fahotana isika olombelona rehetra ka aoka tsy

hifampitsara voalohany indrindra fa samy mpanota. Jesoa tsy nilaza hoe tsara ny fahotana raha niteny izy hoe “*izay tsy nanota taminareo aoka hitora-bato*”, I Jesoa tsy manaiky izany. Ny fahotana dia ratsy mandrakariva fa kosa mandray ny mpanota izy, izany ny fampianarana ho antsika.

Na manao akory ny toetrantsika dia vonona mandrakariva Andriamanitra mandray antsika, izany no nataon’i Jesoa tamin’ilay vehivavy njanganjanga, isika rehetra dia mpanota ka aoka isika hanatona an’i Jesoa. Milaza amintsika Izy hoe “ *izaho koa tsy manameloka anao, mandehana ka aza manota intsony*”. Amin’izao herinandro faharoa mialohan’ny Paka izao, manatona ny sakramentan’ny fampihavanana isika, raiso i Jesoa na dia inona ny toetrantsika satria tsy manameloka antsika izy fa manameloka kosa ny fahotana araky ny voalazany hoe “ *mandehana ka aza manota intsony* ” . Izany hoe mandeha amin’ny fiainam-baovao, hiroso amin’ny Paka isika, zary Mpivahinin’ny Fanantenana, tonga génération de bâtisseurs, manorina tontolo iainana vaovao, manorina tontolom-piaianana vaovao sy tontolom-pinoana vaovao hahatonga antsika ho fanasina amin’ireo manodidina antsika ka hampiakatra ny fiainantsika, hihavao ao amin’Andriamanitra isika, hihatsara ao amin’Andriamanitra. Mandavorary ny fiainantsika ao amin’Andriamanitra isika, fiainana misy an’Andriamanitra ka amin’ny alalany sy miaraka aminy ary ao aminy no hanorenantsika ny fiainantsika. Na dia eo aza ny manodidina, ataontsika fakofako ireny fiainana ratsy ireny, ireny fiainana misy lainga, misy vandivandy, fiainana feno fitiavan-tena, fiainana feno avonavona sy fialonana ireny fa fiainana anjakan’ny rariny sy ny hitsiny, fiainana anatin’ny fifankatiavana sy fihavanana ary fiainana mikatsaka mandrakariva ny soa iombonana ka hampivoatra ny olona manontolo ao amin’i Kristy. Masina Maria Renin’ny Fanantenana mitodika aminao tokoa izahay amin’izao fiarahan-dia ataonay izao mba ho tody ka zary ho Mpamafy Fanantenana amin’izao tontolo very fanahy mbola velona. Md Josefa Ray Mpiaron’ny Eglisy erantany arovy izahay tsy ho kivy amin’ny ady atrehina ary tahaka ny nitondranao ny Fianakaviana tany Ejpta dia enga anie ho tafita amin’ny Paka izahay, hamantsika amin’ny fanantenana ao amin’l Kristy nandresy ka ho feno fanantenana na dia tsy tokony ho hisy antenaina aza.... Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson